REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY « VISIOCONFERENCE » NY ALAROBIA 12 MAY 2021

**NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY VISIOCONFERENCE NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY :**

## I- FAMPAHAFANTARANA :

### HIROSO AMIN'NY FANDRAISANA MPIASAM-PANJAKANA MANANA FIFANARAHANA MANOKANA NY FANJAKANA HANATSARANA NY SEHATRY NY FANABEAZANA- FAHASALAMANA- FILAMINANA

Nampahafantarina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ny fanatanterahana ny toromariky ny Filoham-pirenena amin'ny handraisana mpiasam-panjakana amin'ny alalan'ny « fifanarahana ara-kasa manokana » izay hamaritana ny asa andrasana aminy, ny tamberin'andraikitra iantsorohany, ny toerana iasany, ny fe-potoana hiasany, ary koa ny sazy hihatra aminy raha tsy manatanteraka ny fifanarahana araka izay voasoratra.

Ny sehatry ny fanabeazana, ny fahasalamana, ny filaminana no hahazo izany ka ireo faritra ambanivohitra, na koa ireo tsy ampy mpiasam-panjakana amin'ireo sehatra voalaza ireo no hisitraka izany. Mpitsabo, mpitsabo mpanampy, mpampianatra mitazona lakilasy, mpitandro ny filaminana miantoka mivantana ny filaminana isam-paritra no horaisina amin'izany. Izany no natao dia mba hanatsarana ny tolotra omena ny vahoaka ary koa handrisihana ny fandraisana ireo olona manana ny marim-pahaizana sy ny fepetra mifandraika amin'izany ao amin'ilay faritra niaviany mba hisian'ny famoronana asa any amin'ny faritra.

Ny lamina rehetra amin'izany sy ny tamberin'andraikitra ho an'ireo mpiasam-panjakana horaisina ary hampidirina amin'ireo sehatra 03 voalaza ireo dia hofaritana araky ny sehatra misy azy avy, saingy hisy kosa ny lamina iraisana rehetra mba hahamari-toerana ilay fifanarahana amin'ny endriny vaovao.

Hisy araka izany ny vaomiera iraisan'ny ministera hametraka sy hamolavola ny fehezan-dalàna mamaritra izany fifanarahana arak'asa manokana izany, ka hanolotra volavolan-dalàna mifandraika amin'izany amin'ny Filankevitry ny Minisitra manaraka izy ireo aorian'ny fifampidinihana.

**IREO OLONA AFAKA MIDITRA SY MIVOAKA ETO MADAGASIKARA**

Nohamafisin'ny Filankevitry ny Minisitra fa mbola mikatona amin'ny sidina avy any ivelany i Madagasikara, saingy ireto kosa no omena fahazoan-dalana manokana hiditra sy hivoaka eto Madagasikara, ka vaomiera iraisan'ny ministera 4 tonta no manapaka izany dia ny ministeran'ny fitaterana, ny ministeran'ny raharaham-bahiny, ny ministeran'ny fahasalamam-bahoaka ary ny ministeran'ny varotra sy ny indostria. Ireto avy izy ireo sokajin'olona vokasiak'izany :

- Ireo masoivoho vahiny miasa sy monina eto Madagasikara na ireo iraka manokan'ny firenena iray na ny firenena mikambana sy ireo mpiasa ao aminy, araky ny fifanarahana iraisam-pirenena izay mifehy antsika.
- Ireo manam-pahaizana manokana eo amin'ny sehatra ara-indostria stratejika ka miara-miasa amin'ny fanjakana
- Ireo iraka manokan'ny fitondram-panjakana na mpiasam-panjakana nahazo fahazoan-dalana ara-dalàna na « ordre de mission" manokana
- Ireo mpanao fanatanjahantena teratany Malagasy ka mandray anjara amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena lehibe

Toy izao kosa ny fepetra ara-pahasalamana manokana mahakasika azy ireo : tsy maintsy manao fihibohana mandritra ny 08 andro izy ireo ary mitondra valina fitiliana PCR 72 ora mialoha ny hahatongavany ary manao fitiliana eny am-pahatongavana sy mialoha ny hivoahany ny fihibohana. Ireo hita fa miabo kosa dia tsy maintsy manao fihibohana mandritra ny 14 andro ary manaraka ny fepetra sy fitsaboana ara-pahasalamana mipetraka eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Ireto sokajin'olona ireto kosa na teratany na vahiny dia tsy mbola afaka ny hiditra na hivoaka eto Madagasikara mihitsy ary tsy azo omena fahazoan-dalana:

- Ireo mpizahatany
- Ireo mikasa ny hamangy havana na hiala sasatra
- Ireo izay mikasa hitsabo havana na handevina havana

Ireo fepetra ireo dia mipetraka sy mihatra mandritra ny fe-potoana hampiharana ny hamehana ara-pahasalamana eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

**HIROSO NY FAMPIHARANA NY FEPETRA NORAISINA MIKASIKA NY FANATANTERAHANA NY VOIE RAPIDE OUEST ANTANANARIVO :**

Hirosoana ny fampiharana ny fepetra manokana voafaritry ny tsenam-barom-panjakana mba hisafidianana ireo orinasa hanao ny asa fanamboarana ilay lalana antsoina hoe VOIE RAPIDE OUEST Antananarivo izay mampitohy ny Tanamasoandro sy Antananarivo. Araka ireo fepetra voalazan'ny tsenam-barom-panjakana no hisafidianana ny orinasa hanao ny asa. Hisy komity iraisan'ny ministera maromaro no hanao ny tomban'ireo tolo-bidy.

**HIHEMOTRA NY FANDOAVAN-KETRA HO AN'IREO ASA VOAKASIKA MIVANTAN'NY VALANARETINA EO AMIN'NY FAMPIANARANA :**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fanemorana ny fandoavan-ketra ho an'ireo sehatr'asa eo anivon'ny fampianarana misedra mivantana ny vokatry ny valanaretina Covid-19.

**FANALEFAHAN-KETRA HO AN'IREO FITAOVANA NAFARAN'NY FANJAKANA IADIANA AMIN'NY COVID-19 :**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fanalefahan-ketra ho an'ireo fitaovana novidian'ny fitondram-panjakana hiadiana amin'ny valanaretina Covid-19.

**BOLABOLA ANDRAMENA 30.000 TRATRA TANY SINGAPOUR HIADY HATRAMIN'NY FARANY NY FITONDRANA MALAGASY:**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana an-tanana indray, ny raharaham-pitsarana izay ao amin'ny fitsarana any Singapour, noho ny fanondranana an-tsokosoko bolabola andramena miisa 30.000, izay mitenti-bidy 50 tapitrisa dolara.

## II- FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA SY VOLAVOLAN-DALANA :

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fitsarana :</u>**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana ny volavolan-dalàna manome alalana an'i Madagasikara hifanaraka amin'ny firenena mikambana ao amin'i SADC sy ireo fanintsiana atao amin'izany.

Toy izany ihany koa ny volavolan-dalàna mahakasika ny fifanaraham-piaraha-miasa ara-pitsarana ara-keloka bevava eo anivon'ny fivondronam-ben'ny firenena mikambana ao amin'i SADC. Ireo dia hatolotra ny Antenimieram-pirenena hodinihana mandritra izao fivoriana ara-potoana izao.

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny toekarena sy ny fitantanam-bola :</u>**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana ny volavolan-dalàna mikasika ny loi de Règlement 2018 izay atolotra hodinihana eny amin'ny Antenimieram-pirenena amin'izao fivoriana ara-potoana izao.

**Natao androany faha 12 May 2021**
**Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana**
**Eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**